



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fivavaha - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2022**

DIRECTION DE LA LEGISLATION  
-----

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES  
-----

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-191

**FANDINIHANA NY VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA-026/2021, TAMIN'NY 15  
DESAMBRA 2021 «AUTORISANT LA RATIFICATION DE L'ACCORD DE PRET RELATIF AU  
FINANCEMENT PARTIEL DU PROJET DE RENFORCEMENT ET D'INTERCONNEXION  
DES RESEAUX DE TRANSPORT D'ENERGIE ELECTRIQUE A MADAGASCAR PRIITEM I,  
CONCLU LE 29 NOVEMBRE 2021 ENTRE LA REPUBLIQUE DE MADAGASCAR  
ET LA BANQUE EUROPEENNE D'INVESTISSEMENT (BEI)»**

Fivoriana Faha-3  
Natao ny  
Talata 10 Mey 2022  
- Atoandro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

**MPITANTSORATRA:** - Andriamatoa HENRI Jean Michel  
- Ramatoa ANGELE Solange

**FOTOANA:** Talata 10 Mey 2022, tamin'ny 12 ora sy 30 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandinihana ny Volavolan-dalàna laharana faha-026/2021 tamin'ny 15 Desambra 2021 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement partiel du Projet de Renforcement et d'Interconnexion des Réseaux de Transport d'Énergie Electrique à Madagascar PRIRTEM I, conclu le 29 novembre 2021 entre la République de Madagascar et la Banque Européene d'Investissement (BEI)»

Nitohy ny Talata 10 Mey 2022, tamin'ny 12 ora sy 30 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena. Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha, niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany Andriamatoa HENRI Jean Michel.

Nandritry ny fiantsoana anarana, nanao satroka Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera ary nangataka ny hanononan'ny Solombavambahoaka tonga manatrika ny fivoariana ny laharany avy mba ahafahana mitsitsy fotoana.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Mpitantsoratra, Andriamatoa Filoha, tamin'ny nanatontosany ny fiantsoana anarana dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony.

Taorian'izay, niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera ny tenany mba hamaky ny tatitra.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, ka toy izao no fivakiny.

Nivory ny Alatsinainy 9 Mey 2022 tamin'ny 9 ora sy 30 minitra, maraina, ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola; ny Vaomieran'ny Angovo sy ny Rano; ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana Tetipivoarana ary ny Vaomieran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'andro nandinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-026/2021 tamin'ny 15 Desambra 2021 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement partiel du Projet de Renforcement et d'Interconnexion des Réseaux de Transport d'Énergie Electrique à Madagascar PRIRTEM I, conclu le 29 novembre 2021 entre la République de Madagascar et la Banque Européenne d'Investissement (BEI)».

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy, Filohan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola tonga nivory,

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy
2. ANDRIAMIATRIKARIVO Pierrot
3. RAFIDIMANANA Narson
4. ANDRIANAMBININA Djohary Lee
5. RANDRIAMANAMPISOA Alfred
6. RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa
7. RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle
8. MOHAMAD Ahmad
9. RALAMBOZAFIMBOLOLONA Razafitsimialona
10. RAMBOASALAMA Emilien
11. RASIDIMANANA
12. REMI
13. FIENENA Richard Désiré
14. RABEKIJANA Solofo Hery
15. RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Angovo sy ny Rano tonga nivory,

Andriamatoa isany:

- 1- RANDRIAMANAMPISOA Alfred
- 2- FIENENA Richard Désiré
- 3- MOHAMAD Ahmad
- 4- RAFIDIMANANA Narson
- 5- RAMBOASALAMA Emilien

Ireo mpikambana ao amin'ny Vaomieran' ny Toekarena sy ny Fanaovana Tetipivoarana tonga nivory,

Andriamatoa isany:

- 1- ANDRIAMAMPANDRY Todisoa Manampy
- 2- RAMBOASALAMA Emilien
- 3- RALAMBOMANANA Fenoherintsoa
- 4- RALAMBOZAFIMBOLOLONA Razafitsimialona

Ireto kosa ireo mpikambana avy amin'ny Vaomieran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'andro tonga nivory,

Andriamatoa isany:

1. ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy
2. ANDRIAMIATRIKARIVO Pierrot

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha dia nanamarika fa tokony efa ho nanomboka tamin'ny 9 ora, maraina, ny asam-baomiera izay tokony niarahana tamin'ny Minisiteran'ny Tetibola sy ny Fitantanam-bola, ny Minisiteran'ny Angovo sy ny Harena ankibon'ny tany ary ny Minisiteran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'andro.

Noho ny tsy fahatongavan'ny teknisiana avy amin'ireo Minisitera voalaza ireo anefa ary rehefa avy naka ny hevitra ny teknisian'ny Antenimierampirenana mikasika io tsy fahatongavana io dia nanapakevitra ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, araka ny fahefana omen'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenana azy, fa ahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fandinihana ny Volavolan-dalàna laharana faha-026/2021 tamin'ny 15 Desambra 2021 «*autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement partiel du Projet de Renforcement et d'Interconnexion des Réseaux de Transport d'Energie Electrique à Madagascar PRIRTEM I, conclu le 29 novembre 2021 entre la République de Madagascar et la Banque Européenne d'Investissement (BEI)*».

Nifarana tamin'ny 11 ora, maraina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra ny Mpampakateny, tamin'ny nanatontosany ny famakiana ny tatitra, Andriamatoa Filoha, nambarany fa hiroso amin'ny fanamarihana sy fanitsiana izany ny mpivory.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa, nanontany raha misy diso ny tatitra satria tsy misy anaran'ny teknisiana avy amin'ny Minisitera mihitsy izany.

Ramatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine kosa nanontany raha nisy fialan-tsiny avy amin'ny Minisitera voakasika tamin'ny tsy fahatongavan'izy ireo nandritry ny fotoana nifanarahana satria zava-dehibe ho an'ny firenena no tokony hodinihana.

Rehefa izany, nomen'Andriamatoa Filoha, an'Andriamatoa Mpampakatenin'ny Vaomiera, ny fitenenana mba ahafahany mamaly ny fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka teo.

Namaly Andriamatoa RAFIDIMANANA Narsion, fa maro ny Solombavambahoaka avy lavitra no tonga nanatrika ny fivoriana ary efa niantso ireo teknisiana avy amin'ny Minisitera ny Vaomiera. Andriamatoa «*Directeur Général du Trésor*» na ny DGT ihany anefa no tonga ary tsy nanana ny antontan-taratasy tokony hilaina amin'ny fivoriana akory ny tenany.

Taorian'izay, maro ny Solombavambahoaka nangataka fitenenana ka nomen'Andriamatoa Filoha an'izany.

Nambaran'Andriamatoa AFAKANDRO Alphonse, fa tsy mety ny ataon'ny teknisiana avy amin'ireo Minisitera voakasiky ny asam-baomiera satria avy any Maintirano ny tenany no nandeha atỳ Antananarivo mba hanatrika iny fivoriana iny kanefa ny teknisiana monina eto akaiky indray no tsy tonga. Noho izany, mangataka mba haato aloha ny fivoriana ary antsoina ireo teknisianan'ny Minisitera hifanatrika amin'ny Solombavambahoaka vao tohizana indray izany.

Ramatoa MASY Goulamaly Marie Jeanne D'arc kosa nilaza fa mila ny fahatongavan'ireo teknisiana avy amin'ny Minisitery ny fandiniana ity Volavolan-dalàna laharana faha-026/2021 ity ary nangataka ny hanemorana ny fandiniana izany koa ny tenany.

Namaly, Andriamatoa Filoha, fa mbola fanamarihana sy fanitsiana ny tatitra aloha no tokony hatao. Tsy azo tampanam-bava anefa ny Solombavambahoaka ka avy hatrany dia niditra tamin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory.

Nambarany koa fa tsy maintsy ahemotra ny fandiniana ity Volavolan-dalàna laharana faha-026/2021 ity raha ny andininy faha-75 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no jerena.

Taorian'izay, nitohy ny fanomezana fitenenana ny Solombavambahoaka.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène, nilaza fa miely ny feo amin'izao fotoana izao, fa hanongana ny Birao Maharitra ny Solombavambahoaka. Tsy tsara anefa izany ary tsy mankasitraka izany ny tenany. Nambarany koa fa handaminana ny raharaha token-tranon'ny Solombavambahoaka no antony angatahana fivoriana mikaton-trano na "huis clos" ka tokony izay no hanaovana tsangan-tànana vao miroso amin-javatra hafa.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa, nangataka ny hirosoana avy hatrany amin'ny "huis clos" koa ny tenany satria na ny Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena avy amin'ny Faritany Fianarantsoa, izay mitarika ny fivoriana aza efa nanambara fa tokony hodinihana ny raharaha token-tranon'ny Solombavambahoaka tamin'ny fandraisam-pitenenana nataony tamin'ny fivoriana farany teo. Nomarihany koa, fa tsy manana fikasana hanongana ny Birao Maharitra izany ny Solombavambahoaka. Noho izany, aleo apetraka mazava tsara ny fotoana tokony hanaovana ny fivoriana mikaton-trano mba ahafahan'ny Solombavambahoaka rehetra manao tatitra ny zavatra maharary azy any amin'ny Distrika sahaniny.

Nanao satroka, Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, ary nilaza fa tokony hovitaina aloha ity fivoriana ity vao miresaka momba ny "huis clos" ny Solombavambahoaka satria mbola manatrika eto ny mpanao gazety.

Nanambara, Ramatoa RAHERIARIJAONA Régina Clarisse, fa tsy tokony ho tampanam-bava ny Solombavambahoaka rehefa maneho hevitra satria Lapan'ny demokrasia ato amin'ny Antenimierampirenena, fa avelao hiteny malalaka izy ireo.

Ramatoa MICHELLE Bavy Angelica kosa raha nandray fitenenana, nangataka ny hanaovana ny "huis clos" amin'ny fotoana hafa.

Namaly, Andriamatoa Filoha, fa amin'ny alalan'ny tsangan-tànana no anapahana hoe afaka manao "huis clos" na tsia ny Solombavambahoaka, izay no voalazan'ny andininy faha-62 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena araka ny fantatsika.

Noho izany, handray fanapahan-kevitra ny mpivory raha hatao androany ny dinika mikasika ny raharaha token-tranon'ny Solombavambahoaka ka hatao amin'ny alalan'ny fivoriana mikaton-trano izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 21 no nanaiky; Solombavambahoaka miisa 30 no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa ahemotra amin'ny fotoana manaraka ny hanaovana ny dinika mikasika ny raharaha tokan-tranon'ny Solombavambahoaka.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka ny tenany, ka ny Alakamisy 12 Mey 2022, amin'ny 9 ora sy 30 minitra, maraina dia hisy ny fivorian'ny Birao Maharitra.

Niato tamin'ny 1 ora, atoandro, ny fotoana rehefa avy nisaotra ny mpivory ny Mpitarika fivoriana.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona